Tari-dalana hoan'ny fiangonana momba ny fisorohana ny

# MAMANY LAVA



Tetik'asa momba ny Zon'Olombelona eo anivon'ny WCC

World Council of Churches

**Tari-dalana hoan'ny fiangonana momba ny fisorohana ny**

# MAMANY LAVA

**Tetik'asa momba ny Zon'Olombelona eo anivon'ny WCC**

World Council of Churches

Tari-dalana hoan'ny fiangonana momba ny fisorohana ny Mamany Lava

Zon'ny mpamorona © 2023 WCC Publications. Ny alalana rehetra dia avy amin'ny mpamorona. Ity famoahana ity dia azo averina vokarina amin'ny teny Anglisy miaraka amin'ny fampahalalana feno ny loharano. Tsy misy ampahany amin'izany azo adika raha tsy nahazoana alalana an-tsoratra avy amin'ny mpanonta.
Fifandraisana: publications@wcc-coe.org.

*Ny WCC Publications dia fandaharan'asa famoahana boky an'ny Filankevitry ny Fiangonana Maneran-tany. Ny WCC dia fiombonana maneran-tany ahitana fiangonana mpikambana miisa 352 izay misolo tena ny Kristianina maherin'ny dimanjato tapitrisa maneran-tany. Ny WCC dia miantso ny fiangonana mpikambana ao aminy mba hikatsaka hatrany ny fiombonana,ny fijoroana ho vavolombelona sy ny fanompoana ny hafa eo anivon'ny tontolo izay mahatsapa fa ny fanantenana sy ny firaisankina no voa ho an'ny rariny sy ny fiadanana. Ny WCC dia miara-miasa amin'ny olona avy amin'ny finoana rehetra izay mikatsaka ny fihavanana ary mikendry ny fahamarinana, ny fandriampahalemana, ary ny tontolo mirindra kokoa.*

*Ny hevitra navoakan'ny WCC Publications dia ny an'ny mpanoratra.*

Ireo andinin-tsoratra Masina dia avy ao amin'ny New Revised Standard Version Bible, © copyright 1989 nataon'ny Sampana Fanabeazana Kristiana ao amin'ny Filankevitra Nasionalin'ny Fiangonan'i Kristy any Etazonia. Nahazoana alàlana ny fampiasana izany. *(Ny Dikan-teny Iombonana Eto Madagasikara DIEM kosa no nampisaina hoan'ity fandikana amin'ny teny Malagasy ity).*

Famokarana: Lyn van Rooyen, mpandrindra WCC Publications
Famolavolana fonony: Aaron Maurer Design
Famolavolana boky sy fanoratana: Aaron Maurer Design
Loharano'ny sary: Dr Michael Breen. Ny sary dia mampiseho ireo vehivavy avy amin'ny Freedom from Fistula Fondation ao Toamasina, Madagascar, taorian'ny fandidiana natao tamin'izy ireo. Nahazoana alàlana an-tsoratra avy amin'izy ireo ny fampiasana ny sary.
ISBN: 978-2-8254-1843-7

Filan-kevitry ny Fiangonana Maneran-tany
150 route de Ferney, P.O. Box 2100
1211 Geneva 2, Soisa
www.oikoumene.org

# VOTOATINY

Teny Fampidirana 5

Tanjon'ity boky kely ity 7

Ny Tantaran'i Moira 10

Fanadihadiana 12

Nahoana moa ny fiangonana no tokony ho voakasika 16

Ireo vehivavy voakasika miaina eo anivontsika 20

Inona no efa atao 22

Ny fandraisan'andraikitry ny WCC 23

Ireo asa azon'ny fiangonana tanterahina 25

Fanontaniana ampiasaina amin'ny dinika sy fianarana Baiboly 30

Vavaka 32

# TENY FAMPIDIRANA

## Fanomezana fanantenana ao anatin'ny toe-javatra mampamoy fo

Nijery ahy tamin'ny maso tena feno alahelo izy—i Mary, 16 taona, izay niandry ny fandidiana azy tao amin'ny hopitalin'ny fiangonana iray any atsinanan'ny Repoblika Demokratikan'i Congo (DRC). Nanambady sy bevohoka tanora izy, ka rehefa nanomboka nihetsi-jaza anefa izy dia tsy afaka nankany amin'ny hopitaly noho fisiana trangana fikomiana teo an-toerana. Noho izany dia niteraka tao an-trano ity zatovovavy—maty anefa ilay zaza ary ny reniny kosa dia nitondra ratra lalina, teo amin-ny vatany sy tao am-pony. Herinandro taorian'ilay fiterahana dia nanomboka nahitana valan-drano nitete teo aminy ka nahatsapa alahelo tokoa izy, tsy noho ny fahafatesan'ilay zanany ihany anefa. Nahatsapa ho voahilika ihany koa izy, izany hoe tsy afaka nifangaro tamin'ny fiaraha-monina noho ny trangana mamany lava nisy teo amin'ny vatany.

Tonga teny amin'ny hôpitaly izy izao, noho ny fandrenesany fa afaka misitraka fitsaboana momba ity tranga ity tao amin'izany. "Hanatanteraka ny fandidiana amin'i Mary haingana araka izay azo atao izahay," hoy ny Dr Claude Biringi, iray amin'ireo dokotera maro ao RDC izay miasa tsy an-kiato mikarakara ireo vehivavy voan'ny mamany lava. Hoy izy: "Noho ireo vehivavy toa an'i Maria no antom-pisiako eto, manao fandidiana amin'ny trangana faharovitana eo amin'ny fivaviana. Rehefa hitako ny tsiky amin'ny endrik'izy ireo aorian'ny fandidiana, sy ny fanantenana ary fiainam-baovao antenain'izy ireo rehefa mandeha mody, dia vitako ny asa nanirahana ahy."

Na izany aza anefa, mbola mitaky zavatra mihoatra noho ny fandraisana an-tanana ara-pitsaboana sy fandidiana ara-dalàna ny fampitsaharana ny fisian'ny trangana mamany lava, sy ireo voka-dratsy ateraky ny fiainana anaty fitokana-monina sy famoizam-po. Ny fifantohana amin'ny fisorohana ity toe-javatra ity, amin'ny

alàlan'ny fampisitrahana bebe kokoa ny fikarakarana ara-pahasalamana ara-kalitao, dia tena zava-dehibe tokoa. Tsy ny fahasarotam-piterahana ihany anefa no antony mahatonga ny mamany lava. Mety mahatonga izany ihany koa ny trangana herisetra ara-nofo, indrindra any amin'ny faritra ahitana ady an-trano sy korontana, ka mahatonga ireo vehivavy hihorohoro mafy ary matetika aza dia lasa voahiliky ny fiaraha-monina.

Ny fiangonana dia vondrom-piarahamonina iray tokony hanatona ireo voahilikilika sy ireo sahirana, ary manome sehatra azo antoka ho an'ireo vehivavy sy tovovavy mety voakasik'izany tranga izany, ao anatin'ny fahamendrehana sy ny fanajana azy ireo, ary mamela ny fanasitranana hizotra ara-dalàna. Ireo sehatra fitsaboana tohanan'ny fiangonana dia afaka manome fikarakarana ara-kalitao ihany koa. Mila mijoro hiaro ny zon'ny vehivavy ny fiangonana, ary mila miady ho an'ny fandriampahalemana sy fitoniana ihany koa mba ahafahan'ny olona miaina anaty fahamendrehana sy fifanajana.

Afaka mitondra fiovana ny fiangonana, ary ity asa-soratra ity dia afaka manampy amin'ny fampahafantarana ny fiangonana momba ny mamany lava, izay matetika toa somary afenina.

Andeha isika hifanome tanana sy hanome fanantenana ho an'ireo olona izay atao ankilabao.

Dr med. Gisela Schneider (MPH, DTM&H, DRH)
Vaomieran'ny fahasalamana sy ny fanasitranana eo anivon'ny WCC



# TANJON'ITY BOKY KELY ITY

> Raha misy rahalahy na anabavy tsy manan-kitafy sady tsy manan-kohanina isan'andro, ka misy aminareo miteny aminy hoe: "Mandehana amin'ny fiadanana, mamindroa, mivokisa!", kanefa tsy omenareo azy akory izay ilain'ny tenany, inona moa no soa azonareo amin'izany? Toy izany koa ny finoana, raha tsy misy asa, dia maty mihitsy.
> (Jakoba 2:15-17 DIEM)

Ity tari-dàlana ity dia mikendry ny hanentana ny fiangonana sy ireo vondrona ao aminy ny maha zava-doza ny mamany lava - ratra noho ny fiterahana izay matetika vokatry ny fahasarotam-piterahana maharitra, tsy misy fitsaboana ara-potoana. Ny mamany lava dia mety hisy fiantraikany ratsy ara-batana, ara-pihetseham-po ary ara-pivelomana hoan'ny vehivavy, ary mety hiteraka fahasembanana maharitra mihitsy aza. Ity tranga ity dia mitovy amin'ny "fistule gynecologique traumatique", saingy ity farany dia vokatry ny herisetra ara-nofo fa tsy noho ny fiterahana.[1]

Ny tombana amin'ny isan'ny vehivavy maneran-tany mijaly noho ny mamany lava dia somary miovaova be noho ny tsy fahampian'ny antontan'isa mazava. Tamin'ny fotoana namoahana ity tari- dàlana ity, ny Tahirim-bolan'ny Firenena Mikambana momba ny mponina (UNFPA) dia nanombana fa vehivavy sy zazavavy miisa

1 Ny fistule gynecologique traumatique, izay matetika mitranga noho ny fifandonana, dia vokatry ny fanolanana mahery vaika (indraindray tafiditra ao anatin'izany ny fampiasana fitaovana), izay mety hiteraka rovitra na "fistule" eo anelanelan'ny fivaviana sy ny tatavia na ny tsinaibe, na izy roa. Ankoatra ny fiaretana ireo fijaliana samihafa atrehin'ireo vehivavy voan'ny mamany lava, ny vehivavy voan'ny fistule gynecologique traumatique koa dia mizaka ireo fiantraikany ara-tsaina, anisan'izany ny henatra taorian'ny fampijaliana nanjo azy sy ny tahotra ny amin'ny mbola mety hiharan'ny herisetra hafa koa. Matetika moa ireo vehivavy ireo dia arian'ny vadiny sy ny fianakaviany.

500.000 eo no miaina miaraka amin'ny mamany lava amin'ny tany an-dalam-pandrosoana ary tranga an'arivony no miseho isan-taona.[2] Ny ankamaroan'ireo tranga ireo dia any amin'ny faritr'i Afrika atsimon'i Sahara sy Azia Atsimo.

Noho ny maha-saro-pady ity lohahevitra ity, dia mbola somary afenina ny resaka momba azy. Misy aza ireo miantso ny mamany lava hoe habokana maoderina. Vokany, vitsy ny olona no tena mahatsapa ny maha-zava-dehibe ity tranga ity.

Ity tari-dàlana ity dia mampahafantatra antsika mpamaky mahakasika ny mamany lava, ary manazava ny antony tokony hijeren'ny fiangonana izany akaiky. Resahina ao anatin'izany ny fomba ahafahan'ny fiangonana manampy ireo vehivavy ao anatin'ny fiangonana sy eo anivon'ny fiaraha-monina amin'ny fisorohana ity tranga ity. Eo ihany koa ny fanampiana ara-pratika sy ara-pihetseham-po ary fampaherezana hoan'ireo mijaly noho ny mamany lava. Farany, ity tari-dàlana ity dia mamaritra ireo ady efa atao momba ity tranga ity ary manome torohevitra ny amin'ireo asa azon'ny fiangonana atao.

Maro ireo fandraisan'anjara samihafa nahafahana nandrafitra ity boky ity. Tianay ny haneho fankasitrahana ny fandraisan'anjaran'ireo vehivavy avy ao Madagasikara izay nanana fahasahiana nizara ny tantaran'izy ireo, mahakasika ny fiainany miaraka amin'ny mamany lava, ary koa ireo solontena avy amin'ny fiangonana ao Madagasikara izay samy nizara ny fahalalany momba ity tranga ity sy naneho ny faniriany hahalala bebe kokoa momba izany. Misaotra sy mankasitraka an'i Rtoa Eva Abel Moses, Rev. Nicole Ashwood, Prof. Dr Vasile-Octavian Mihoc, Atoa Stephen J. Brown, Dr Mwai Makoka, Dr Manoj Kurian, Rtoa Bridget Asiamah, ary Atoa Nicholas Zoller. Fankasitrahana manokana no atolotra an'i Fr Edward Flynn, Frera Spiritain sady mpandrindra ny "Rightsproof—Prevention of Obstetric Fistula", izay nanome aingam-panahy hoan'ity asa-soratra ity tamin'ny alalan'ny fanoloran-tenany hiady ho fanafoanana ny fijalian'ny vehivavy noho ity trangan-javatra ity.

2 "Obstetric fistula," tranonkala UNFPA, https://www.unfpa.org/obstetric-fistula; jereo koa ny Tatitry ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana taona 2020 izay nitaterana voalohany ny isa: *Fanamafisana ny Ezaka amin'ny fanafoanana ny mamany lava ao anatin'ny folo taona*, Tatitry ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana A/75/264, 28 Jolay 2020, https://www.unfpa.org/resources/un-report-obstetric-fistula-2020-a75264.



Jennifer Philpot-Nissen
Mpanatanteraka ny Fandaharan'asa Momba ny Zon'olombelona sy ny Fandripahana Fitaovam-piadiana
Filan-kevitry ny Fiangonana Maneran-tany

# NY TANTARAN'I MOIRA

Nizara ny tantarany i Moira,[3] vehivavy iray avy ao Madagasikara, taorian'ny fandidiana natao taminy noho ny mamany lava:

21 taona aho. Nandritra ny enin-taona aho no niaina niaraka tamin'mamany lava. Avy any amina-tanàna lavitra ny eto aho ary tantsaha ny tenako. Mamboly vary, voamaina, mangahazo ary akondro aho, ary miompy akoho sy ganagana ihany koa.

Bevohoka aho teo amin'ny faha-15 taonako. Rehefa nanomboka nihetsi-jaza aho dia nandeha tany amin'ny mpampiteraka nentim-paharazana ary nijanona tao aminy nandritra ny telo andro, kanefa tsy ampy ny fikarakarana nataony. Nalefany tany amin'ny hopitaly aho rehefa nanapa-kevitra izy fa tsy afaka ny hikarakara ahy intsony. Nanohana izany fanapahankevitra izany ihany koa ireo havako. Niaraka tamiko ny nenitoako satria ny reniko dia tsy maintsy mbola nikarakara ny zandriko.

Nahita môtô izahay ary dia nanomboka ny dianay nankany amin'ny hopitaly, saingy noho ny hitanay fa tena ratsy ny làlana dia naleonay nandeha an-tongotra toy izay nitaingina ilay moto. Avy eo izahay dia nanapakevitra handray fiara fitaterana mankany amin'ilay hopitaly. Mandeha an-tongotra mandritra ny telo andro anefa vao tonga tamin'ny toerana hakàna izany, ary dia nivahiny tao amin'ny fianakaviana izay nipetraka tamin'ny làlana nolalovanay izahay.

Nihetsi-jaza aho anefa nandritra izany fotoana rehetra izany. Sahiran-tsaina be aho, tsy dia noho ny amiko loatra fa noho ilay zaza ato an-kiboko. Nihevitra aho fa tena mety ho faty miaraka amin'ilay zanako. Nanantena ihany aho anefa hoe mba ho tonga ara-potoana any amin'ilay hopitaly. Mbola tsy niakatra an-tanàndehibe mihitsy aho taloha.

3 Novaina ny anarany ho fiarovana ny fiainany manokana.



Efa nihetsi-jaza nandritra ny enina andro aho vao tonga tany amin'ilay hopitaly, kanefa mbola iray andro taorian'izay vao nanapakevitra handidy (sezarenina) ahy izy ireo. Maty tao am-bohoka ny zanako. Taorian'izay aho dia natao fandidiana voalohany, saingy roa andro monja no nijanonako tany amin'ny hopitaly. Tsy maintsy nivarotra hen'omby sy vary aho mba ahafahako mandoa ny saran'ny fitaterana sy ny saram-pitsaboana.

Ny fahazoana fanampiana ara-bola ho an'ny fitaterana, ny fisiana hopitaly ao amin'ny tanàna misy ahy, ary ny fananana mpampivelona ampy traikefa sy maro kokoa, mba hanoro ahy rehefa tokony handeha any amin'ny hopitaly aloha kokoa, dia mety ho nanampy ahy ary hanampy ny vehivavy rehetra ao an-tanànako ihany koa.

Nandalo fandidiana fanindroany aho rehefa niaina niaraka tamin'ny mamany lava nandritra ny enin-taona. Henoko tamin'ny radio ny fisian'ny hopitaly manao io fandidiana io, ary nanamafy izany ihany koa ny raiko. Nifankahita tamina vehivavy iray aho izay efa nandalo fitsaboana tao amin'ilay hopitaly, ka tafaverina soamantsara taorian'ny fandidiana natao taminy. Mahafantatra vehivavy efatra hafa aho izay mijaly noho ity toe-javatra ity ao amin'ny tanànako sy eo amin'ny manodidina ahy .

Talohan'ny nandehanako hatao fandidiana, dia nanontany ahy momba ny fombafomba atao ny iray amin'izy ireo, saingy tsy navelan'ny rainy hiaraka amiko izy. Tsy natoky ny hopitaly izy noho ny fandrenesany tantara maro momba ny hoe taova tsy hita sy fahafatesan'olona noho ny antony tsy mazava loatra. Saingy hatramin'ny nanaovana fandidiana ahy dia nanjary natoky kokoa izy ary namela ilay zanany handeha ihany.

Tena mahatsapa ho faly sy ravo tanteraka aho izao.

# FANADIHADIANA

## Inona moa ny mamany lava?

Ny mamany lava[4] dia tranga iray miseho eo amin'ny vatan'ny vehivavy rehefa ahitana lavaka na faharovitana hafahafa amin'ny nofo eo anelanelan'ny fivaviana sy ny tatavia na ny tsinaibe mandritra ny fiterahana rehefa saro-piterahana izy.

Mandritra izany, ilay tery maharitra ataon'ny lohan'ny zaza amin'ny taola-maojan'ilay reny dia manimba ilay hoditry ny taova ary lasa mitarika amin'ny fisiana lavaka eo anelanelan'ny fivaviana sy ny tatavia na ny tsinaibe. Ilay tsindry dia manakana ny fikorianan'ny rà mankany amin'ny ilay hoditry ny taova, ka miteraka ratra amin'ny sela amin'izany, izay tsy azo tsaboina. Ka rehefa miendaka ilay sela maty, dia mamela lavaka, izay miteraka fivoahan'ny valan-drano tsy an-kijanona, na maloto koa aza indraindray, avy eo amin'ny fivaviana.

Amin'ny 90 isan-jaton'ny tranga misy, ny zaza dia maty noho ny fahasarotam-piterahana maharitra.[5]

## Inona avy ireo antony fototra mahatonga ny mamany lava?

Ny antony voalohany mahatonga ny mamany lava dia rehefa misy vehivavy tratran'ny fahasarotam-piterahana, kanefa tsy afaka misitraka tobim-pitsaboana izay ampy fitaovana sy fandraisana an-tanana ara-dalàna amin'ny fotoana ilàny izany. Izany matetika dia ilàna fandidiana (sezarenina) maika. Na izany aza, mbola manatrotraka io antony voalohany io ihany koa ny olana ara-tsosialy sy ara-bola maro samihafa - indrindra ny fahantrana, ny kolontsaina, ny tsy fahampian'ny fanabeazana, ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy, ary ny fanavakavahana.

4 Ity dia topimaso fohy. Ny fampahalalana lalindalina kokoa dia azo jerena ao amin'ny "Obstetric Fistula," Tranonkalan'ny World Health Organization, 19 Febroary 2018, https://www.who.int/news-room/facts-in-pictures/detail/10-facts-on-obstetric-fistula/

5 "Campaign to End Fistula," tranonkala UNFPA, https://endfistula.org/.



Raha andoavam-bola ny saram-pitsaboana, ireo vehivavy sahirana dia mety tsy ho afaka hanefa ny saram-pitaterana mamomjy hopitaly akory, indrindra raha toa ka mipetraka amin'ny tontolo ambanivohitra sy toerana lavitra, na koa raha olona miantehitra amin'ny hafa izy ireo. Ny fiantraikan'ny fahantrana amin'ny fahasalamana ihany koa dia misy akony.

Na dia mety hisy fiantraikany amin'ny vehivavy rehetra aza ny mamany lava, ny tanora sy zatovovavy no tena atahorana satria eo ny tsy mbola fahatomombanan'ny vatany tanteraka. Miampy io loza io raha tsy ampy sakafo ilay vehivavy nandritra ny ampahany betsaka teo amin'ny fiainany.

Mety misy fiantraikany ihany koa ny resaka kolontsaina. Ny fanambadiana aloha loatra dia miteraka vohoka aloha loatra. Ny fahazoan'ireo ray aman-dreny "vodiondry" dia toa mamporisika azy ireo hampanambady ny zanany vavy na dia mbola kely taona aza. Ny toe-tsaina koa dia mety hitarika amin'ny fahataràn'ny vehivavy sy ny tovovavy amin'ny fandehanana mamonjy hopitaly sy ny tobim-pitsaboana rehefa hiteraka. Izany toe-tsaina izany dia mametraka fa ny vehivavy dia tsy maintsy mahavita miaritra fanaintainana, hany ka heverina ho kanosa raha toa ka mitady fanampiana na mitaraina rehefa mihetsi-jaza. Ny fianakaviana, eny hatramin'ireo mpitsabo aza, dia mety tsy hiraharaha loatra ilay vehivavy, ary misy aza ny mbola maneso azy ireo ao anatin'ny fanaintainany.

Ny tsy fahampian'ny fianarana ihany koa dia mety hampitombo ny fitrangan'ny mamany lava. Ny fanabeazana ara-pahasalamana dia afaka manampy ny vehivavy sy ny tovovavy hahatakatra ny antony mahatonga ny mamany lava, ny loza aterany ary ny fisorohana azy, ary arakaraky ny faharetan'ny ankizivavy iray mijanona an-tsekoly no mampitombo ny fahafahany mitsinjo ny lafiny ara-pivelomany ary mety tsy hamporisika azy hanambady aloha loatra.

Farany, matetika ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy dia midika fa tsy afaka mandray fanapahan-kevitra momba ny fiainany manokana sy ny fahasalamany ny vehivavy—ohatra, ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fanatonana dokotera hanao fisafoana na ny fanatonana tobim-pitsaboana rehefa hiteraka. Ny vola ao an-tokantrano izay ilain'ny vehivavy bevohoka mba hanatsarana ny fahasalamany sy ny sakafony dia mety ho lany amin'ny zavatra hafa.

Matoa mbola tsy foana ny mamany lava dia eo ny rafitra ara-pahasalamana sy ara-tsosialy tsy mahomby amin'ny fiarovana ny fahasalamana sy ny zo maha-olona ho an'ireo vehivavy sy zazavavy mahantra sy marefo indrindra.

## Inona no fiantraikan'ny mamany lava?

Loza anankiroa no ateraky ny mamany lava ho an'ireo vehivavy na ankizivavy—eo ny famoizam-po vokatry ny fahafatesan'ny zanany ary eo koa ny fiatrehana ny takaitra avelan'izany amin'ny fahasalamany. Mety hisy fiantraikany mafy ara-pahasalamana, ara-pihetseham-po, ara-tsaina, ary ara-pivelomana ity tranga ity raha tsy voatsabo. Anisan'izany ny mety hisian'ny trangana otrikaretina faharoa. Ankoatra izay, ny tsy fahafahana mitazona ny fivoahan'ny valan-drano na ny maloto dia mahatonga ireo izay voan'izany hiaina anaty fofona maimbo. Vokatr'izany, matetika izy ireo dia lasa mitoka-monina na miaritra ny henatra noho ny fihatakatahan'ny olona.

Manimba ny lafiny rehetra amin'ny fiainany izany, ary manitsakitsaka ny maha-olona azy sy ny zo maro samihafa ananany. Ny fiveloman'izy ireo sy ny fahafahany ara-bola, ny fisitrahany fahasalamana sy fanabeazana, ny fandehanany any am-piangonana, ary ny fifandraisany sy ny fiainana anaty fiaraha-monina dia voakasika avokoa. Matetika ny fanambadiana dia rava vokatry ny mamany lava. Ny fananana ilay tranga mihitsy dia lasa sakana amin'ny fandraisana anjara amin'ny ady atao amin'izany — na ho an'ny tena na ho an'ny hafa — satria managadra ny vehivavy ao an-tokantranony ilay izy.

## Ahoana ny fomba hisorohana ny mamany lava?

Ny fitaovana tokana sy lehibe indrindra amin'ny fanafoanana ny mamany lava dia ny fisorohana azy tsy hitranga. Ny fepetra fisorohana dia mandaitra ary mora lavitra noho ny fiatrehana ny fahavoazana aterak'izany. Raha afaka misitraka tolotra ara-pahasalamana ara-dalàna ny vehivavy tsirairay mandritra ny fitondrana vohoka, ary mandritra ny fotoana mialoha sy aorian'izany, dia mety hihena be ny taham-pahafatesan'ny reny sy ny zaza vao teraka, toy izany koa ny ratram-piterahana. Tafiditra ao anatin'ny fisorohana ihany koa ny fijerena ny resaka tsy fitovian-jo sy ny fanabeazana ary ny fampaherezana ny vehivavy.

## Ahoana no fomba fitsaboana mamany lava?

Raha vantany vao misy trangana mamany lava, ny fitsaboana tsara indrindra dia ny fandidiana ataon'ny dokotera voaofana manokana amin'izany. Ny taham-pahombiazana dia avo, hatramin'ny 90 isan-jato ho an'ny tranga tsotra, fa midina ambany kokoa hoan'ny tranga sarotra kokoa. Ny saran'ny fitsaboana ny mamany lava—anisan'izany ny fandidiana, ny fitsaboana aorian'ny fandidiana, ary ny fikarakarana aorian'ny fitsaboana—dia miovaova eo amin'ny firenena tsirairay.

# NAHOANA MOA NY FIANGONANA NO TOKONY HO VOAKASIKA

Maro amintsika no tsy mahazo aina loatra manodidina ireo olona voan'ny aretina, ratra, na tsy fahasalamana ara-tsaina. Raha ny marina dia miezaka mitsoaka azy ireny aza isika. Andriamanitra kosa anefa dia nanao ny mifanohitra amin'izany. Hoy i Isaia raha miresaka ny momba an'Andriamanitra izy: "Tamin'ny fahoriany rehetra dia niory tokoa Izy, dia ilay Anjely nialoha Azy no namonjy ireo" ( Isa. 63:9 DIEM). Asehon'ny fanoharana momba ilay Samaritana tsara fanahy ny fomba niantsoan'Andriamanitra antsika hiaraka amin'ireo marary na inona na inona antokom-pivavahana, kolontsaina, na fahasamihafana ara-tsosialy sy ara-toekarena, mba ahafahany mizara momba ny zavatra iainany, haneho firaisankina amin'izy ireo, hivavaka ho azy ireo, ary hanao izay rehetra azontsika atao hanohanana azy ireo ary hanampy amin'ny fanasitranana.

Ny Baiboly manontolo dia manambara fa Andriamanitra dia miaraka amin'ireo izay mijaly, ary ny fiahiana ny maha-olona no zavatra ambony indrindra. "Koa mananatra voalohany indrindra aho mba hatao izay fangatahana, fivavahana, fifonana, fisaorana, ho an'ny olona rehetra, ho an'ny mpanjaka mbamin'izay rehetra manana fahefana, mba hiainantsika am-piadanana sy mandry fehizay amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra sy ny fahamaotinana rehetra" (1 Tim. 2:1-2 DIEM). Ny fiangonana tany am-boalohany dia nanao ho zava-dehibe ny resaka fikarakarana ny marary sy ny famokarana ny fanafody. Ny rafitra maoderina misy eo anivon'ireo hopitaly dia nivoatra avy tamin'ny ny fahatakaran'ireo Kristianina voalohany momba ny anjara asany amin'ny fiantrana sy ny fikarakarana ireo marefo.



Ny Genesisy dia milaza fa tamin'i Adama sy Eva nanota tamin'Andriamanitra voalohany tao amin'ny saha Edena, dia hoy Andriamanitra tamin'i Eva: "Hataoko be dia be tokoa ny fahorianao, indrindra fa rehefa manana anaka ianao, ka amin'ny fahoriana no hiterahanao. Ny vadinao no hianteheran'ny fanirianao, ary izy no hanapaka aminao." (Gen. 3:16 DIEM). Indraindray io andininy io dia misy mandika hoe ny fihinanana fanafody hanalefahana ny fanaintainan'ny fiterahana, na ny fitadiavana fanampiana mandritra ny fihetsehan-jaza, dia fandavana ny ozon'Andriamanitra. Ny fitsaboana anefa dia tokony raisina ho fitahiana avy amin'Andriamanitra, ka ahafahana mamokatra fanafody sy fomba fanao samihafa entina hanampiana ny vehivavy sy ho fiantohana ny fahasalaman'ireo zanak'Andriamanitra rehefa teraka. Raha ny marina, dia misy andininy maromaro ao amin'ny Baiboly no milaza fa ny fanafody azo avy amin'ny zavamaniry dia fanomezana avy amin'Andriamanitra. Hoy i Ezekiela: "Fa ny honahona sy ny heniheny dia tsy hositranina, fa havela ho sira. Ary eny amoron'ny ony, eny an-daniny roa, no hanirian'ny hazo rehetra fihinam-boa. Tsy halazo ny raviny na ho lany ny voany fa hamoa voa vaovao isam-bolana izy satria mivoaka avy ao amin'ny fitoerana masina ny ranony. Ho fihinana ny voany ary ho fanafody ny raviny." (Ez. 47:11-12 DIEM).

Raha mahakasika ny mamany lava dia misy tantara iray ao amin'ny Baiboly miresaka momba izany fijaliana izany sy ny setriny feno fangorahana avy tamin'i Kristy, izay tokony alaintsika ho modely. Ny tantara dia voalaza ao amin'ny filazantsaran'i Marka, manao hoe:

> Ary nisy vehivavy iray izay efa narary nandeha rà nandritra ny roa ambin'ny folo taona sady efa niaritra zavatra be tamin'ny mpitsabo maro ka nandany ny fananany rehetra nefa tsy nety sitrana, fa vao mainka niha narary kokoa aza. Rehefa nahare ny amin'i Jesoa izy dia nankao aoriananany namakivaky ny vahoaka ary nikasika ny akanjony.
> Fa hoy izy: Na dia ny fitafiany ihany aza no voakasiko, dia ho sitrana aho. Ary niaraka tamin'izay dia ritra ny loharanon'aretiny ka tsaroany tao amin'ny tenany fa sitrana izy.

Ary teo no eo dia fantatr'i Jesoa fa nisy hery niala Taminy ka nihodina teo afovoan'ny vahoaka Izy sady niteny hoe: Iza izany nikasika ny anjanjoko izany?

Fa hoy ny mpianany taminy: Hitanao izao vahoaka mifanositosika Aminao izao, ka hoy Hianao hoe: Iza no nikasika Ahy?

Ary nijery manodidina Izy hahitany ilay nanao izany. Dia raiki-tahotra sady tora-kovitra ravehivavy, satria fantany izay nitranga taminy, koa nankeo Aminy izy sady niankohoka teo anatrehany ary nanambara Taminy ny marina rehetra. Ary hoy Izy taminy: Anaka, ny finoanao no nahasitrana anao; mandehana amin'ny fiadanana ary sitràna amin'ny aretinao. (Marka 5:25-34 DIEM)

Amin'ireo andininy ireo, ilay vehivavy dia naneho fahasahiana ny hikasika ny fitafian'i Jesoa ary dia sitrana avy hatrany izy. Ny fandehanan-dra tsy an-kijanona no nahatonga azy ho naloto, ary raha toa ka niaina tao anatin'izany nandritra ny 12 taona izy dia inoana fa anisan'ireo voahiliky ny fiaraha-monina izy. Toy izany koa, ny vehivavy voan'ny mamany lava dia miaritra fanilikilihana satria heverina ho maloto.

Tsy ambara mazava amintsika eto ny hoe inona no nahatonga ilay trangan'aretina, saingy fantatra fa efa nanatona mpitsabo maro izy, ary nandany ny fananany rehetra tamin'ny fitadiavana fanafody. Ho an'ny vehivavy maro voan'ny mamany lava, ny saran'ny fandidiana sy ny fandehanana any amin'ny tobim-pitsaboana ary ny fandaniana amin'ny zavatra fototra mety ilainy dia sakana ho azy tsy ahafahany manaraka ny fandidiana. Indraindray, ny vehivavy sasany dia mila fandidiana mihoatra ny iray mba hitsaboana azy tanteraka, na ho fanohizana ny fitsaboana raha toa ka tsy nahomby ny fandidiana voalohany. Azontsika alaina sary an-tsaina ny mety ho fahafaham-baraka niainan'ity vehivavy voatantara ao amin'ny filazantsaran'i Marka ity noho ny fanaraha-maso ara-pitsaboana niverimberina narahiny, kanefa izany no mbola iainan'ny vehivavy an-tapitrisany voan'ny mamany lava mandrak'ankehitriny.



Jesoa dia namaly rehefa tsapany fa nisy hery niala taminy. Niezaka ny namantatra ilay vehivavy izy mba ahafanany mamerina indray ny fahamendrehany, saingy raiki-tahotra ilay vehivavy. Tsy isalasalana fa tamin'io fotoana io no nahatsapan'ity farany marina fa mihoatra noho ny olon-tsotra tokoa i Jesoa. Natahotra koa angamba izy sao mbola hiharan'ny herisetran'ireo manodidina noho ny fikasihana lehilahy iray, kanefa voasokajy ho olona maloto. Niankohoka teo an-tongotr'i Jesoa ihany izy ary nilaza taminy ny marina rehetra—nikasika Azy izy dia sitrana. Angamba mety notantarainy tamin'i Jesoa ihany koa ny fotoana sy ny fomba niantombohan'ilay aretina nisy teo aminy ary ny fahoriana sy ny henatra rehetra niainany tao anatin'izany. Vavolombelon'ny famindram-pon'i Jesoa sy ny heriny manasitrana izy. Ny teniny ampahibemaso tamin'ity vehivavy ity ao amin'ny andininy faha-34 izay milaza hoe—" Anaka, ny finoanao no nahasitrana anao: mandehana soa aman-tsara, ary sitràna amin'ny aretinao"—dia manan-danja lehibe tamin'ny famerenana ilay vehivavy indray teo anivon'ny fiaraha-monina.

Toy izany koa, zava-dehibe ny fahafahan'ny vehivavy voan'ny mamany lava miverina indray amin'ny fiainana eo anivon'ny fianakaviany sy ny fiaraha-monina mba ho sitrana tanteraka, sy hamerenana indray ny hasina maha-olona azy. Tsy fiovana mora izany. Na dia efa nanomboka ny dingana ho amin'ny fahasitranana aza izy ireny, dia mbola lava ny làlana mankany amin'ny fahasitranana tanteraka. Aorian'ny fandidiana ohatra, ny vehivavy dia tsy afaka miray amin'ny vadiny na ny olona miaraka aminy mandritra ny volana maromaro, ary mila manao fitiliana tsy tapaka. Indraindray, mety mila fandidiana hafa indray aza, ary raha te hanan-janaka indray izy dia tsy maintsy mieritreritra mialoha ny hiditra amin'ny fanaovana sezarenina mba hisorohana ny hiverenan'ny mamany lava indray. Mandritra ny vanim-potoana famerenana ny fahasalamany amin'ny laoniny dia tsy afaka manao asa mavesatra izy, na dia zava-dehibe amin'ny resaka fitadiavam-bolany aza izany—ho an'ny ankamaroan'ny vehivavy, ny fahazoany fanampiana ara-bola azony nandritra ny fandidiana sy taorian'ny fandidiana dia tsy maharitra ela loatra. Mba ahafahany miatrika ireo fahasahiranana rehetra ireo dia mila fanohanana ara-tsaina, ara-pihetseham-po ary ara-bola ny vehivavy iray.

# IREO VEHIVAVY VOAKASIKA MIAINA EO ANIVONTSIKA

Ny fari-pahaizan'ny vehivavy, ny fari-pananany, ary ny fahalaviran'ny toerana misy azy amin'ny tobim-pitsaboana manara-penitra sy takatry ny oenti-manana dia lafin-javatra lehibe mety hitarika amin'ny fitrangan'ny mamany lava, na ho amin'ny fisorohana azy. Ankoatra ireo lafin-javatra ireo dia marihina fa tranga mety hahavoa ny vehivavy na ankizivavy rehetra izy io.

Fiangonana an'arivony maro ao amin'ireo firenena voakasik'izany dia ahitana vehivavy mijaly noho ny mamany lava miaina eo anivon'izy ireo. Indraindray ny vehivavy bevohoka izay navitrika tokoa teo amin'ny fiangonany sy ny fiaraha-monina dia lasa manjavona tampoka. Mety hilaza ihany ny fianakaviany hoe noho ny fahafatesan'ilay zaza dia mbola tsy dia salama ny reniny, ary dia mijanona hatreo. Izany anefa dia vao mainka manome vahana ny tsy firesahana sy ny tsy fahampian'ny fahalalana ankapobeny manodidina ity toe-javatra ity.

Manana toerana miavaka eo amin'ny fiaraha-monina ny fiangonana raha oharina amin'ireo rafitra ara-tsosialy hafa, toy ny toeram-piasana, toeram-pianarana, na toeram-pialam-boly. Ny fiangonana dia tokony ho toerana ahitana taratra fa ny fifampitsinjovana dia andraikiny voalohany. Ny fiangonana dia manome sehatra eny ifotony amin'ny fiarahamonina ary mety ho toerana ahafahan'ny vehivavy bevohoka mitady fanampiana — ara-bola, ara-moraly ary ara-pratika— mandritra ny fitondrany vohoka sy manakaiky ny fotoana hiterahany. Ny fiangonana dia tokony ho sehatra ahafahan'ny olona mamantatra mangingina momba ireo vehivavy izay toa lasa miafina noho ny fisian'ny mamany lava amin'ny vatany, ka afaka miezaka hanao ireo dingana samihafa ahafahana manampy azy ireo. Ny firesahana momba ity tranga ity eny amin'ny polipitra—na ao anaty fikambanam-behivavy, ny fikambanan-dehilahy sy ny fikambanan'ny tanora—dia afaka manampy amin'ny fanairana ny sain'ny rehetra, mba hijery akaiky ny resaka fanilikilihana sy fanavakavahana, ary hamporisika ireo mijaly sy miafina noho izany mba hitady fanampiana.

Ny asa toy izany koa dia mety afantoka indrindra amin'ireo lehilahy izay manana vady mijaly noho ity tranga ity, na lehilahy mety hisedra izany olana izany amin'ny hoavy ao anatin'ny fanambadiany. Ny Efesiana dia miteny amin'ny lehilahy hoe "tiava ny vadinareo, tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy" ( Efes. 5:25ª DIEM ). Ny vehivavy mijaly noho ny fahafatesan'ny zanany sy noho ny mamany lava dia mila ny fandeferana, faharetana, fikarakarana sy fitiavan'ny vadiny azy mihoatra noho ny teo aloha.

# INONA NY EFA ATAO

Tamin'ny taona 2003, ny UNFPA sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy dia nanomboka ny Fanentanana Hanafoanana ny Mamany Lava amin'ny alàlan'ny fisorohana, ny fitsaboana, ny fanarenana ary ny famerenana indray eo anivon'ny fiaraha-monina, ary koa ny fanetsiketsehana ny lafiny ady atao sy ny fitaovana enti-manatanteraka ny asa. Nanampy vehivavy 100.000 mahery ny fanentanana natao tamin'ny alàlan'ny fanaovana fandidiana sy fanomezana fanohanana samihafa, asa izay atao ao amin'ireo firenena miisa 55 ao Afrika, Azia, ny faritra Arabo, ary ny Karaiba.

Tamin'ny 23 May 2013 no nanombohan'ny UNFPA ny Andro Iraisam-pirenena ho Fanafoanana ny Mamany Lava, izay fanao isan-taona,[6] ary mikendry ny hisarihana ny sain'ny olona momba ity tranga ity. Ny fikambanana dia namporisika ny olona hanamarika ny andro amin'ny alalan'ny fanomezana ho an'ny fikambanana miady amin'ny mamany lava, ny firesahana amin'ny hafa momba ity tranga ity, ary ny fanomezan-toky amin'ny fanohanana ireo mijaly noho ity tranga ity eo amin'ny fiainany.

Isaky ny roa taona, ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana dia mandray fanapahan-kevitra amin'ny tokony mbola hanaovana ezaka mba hanafoanana ny mamany lava mandrapahatongan'ny taona 2030. Izany dia mifandray amin'ny tatitry ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana fanao isaky ny roa taona.

Ireo sehatra hafa eo anivon'ny Firenena Mikambana dia mandray anjara ihany koa amin'ny lafiny samihafa mahakasika ity olana ity, tahak'izany koa ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana sy fiangonana manana fandaharan'asa momba ny fahasalamana, toy ny fiangonana Loterana any amin'ny tany sasany.

6 "Andro iraisam-pirenena ho fanafoanana ny mamany lava," tranonkala UNFPA, 23 Mey 2023, https://www.unfpa.org/events/international-day-end-obstetric-fistula.



# NY FANDRAISAN' ANDRAIKITRY NY WCC

Ny Vaomieran'ny Fiangonana momba ny Raharaha Iraisam-pirenena ao amin'ny Filankevitra Maneran-tanin'ny Fiangonana (WCC) dia nanohana ny sehatra iraisam-pirenena tao anatin'ny taona vitsivitsy tamin'ny fanairana ny sain'ny rehetra ny maha-olana lehibe amin'ny lafiny zon'olombelona ny mamany lava hoan'ny vehivavy sy zazavavy, sy ny tokony hisian'ny fepetra raisina ho fisorohana izany. Ny WCC dia nanao fanambarana tany amin'ny Filankevitry ny Firenena Mikambana momba ny Zon'olombelona, miaraka amin'ny fiaraha-miasa amin'ny "Geneva for Human Rights", ny "Congregation of Our Lady of the Charity of the Good Shepherd", sy ny mpiara-miasa hafa.

Tamin'ny Novambra 2022, ny komity mpanatanteraky ny WCC dia namoaka fanambarana momba ny fahasalamana sy ny fahasambarana maneran-tany, izay niresaka mahakasika ny mamany lava. Izao no voalaza ao: "Ny fiangonana dia manana anjara toerana lehibe amin'ny fanampiana ny vehivavy eo amin'ny fiaraha-monina misy azy, izay mijaly noho ity tranga ity, amin'ny fanentanana momba izany, sy ny fiatrehana ny resaka fanavakavahana sy fanilikilihana mifandray amin'izany, ary mitaky ny tokony hisorohana ity toe-javatra ity amin'ny alàlan'ny fikarakarana ara-pahasalamana, ny tokony ahafanana misitraka fandidiana ho an'ireo vehivavy voakasik'izany, ary ny tokony hisitrahan'ny rehetra voan'ity tranga ity ny fahamendrehana sy fanajana sahaza azy."[7]

7 "Ny Komity Mpanatanteraka Filan-kevitry ny Fiangonana Maneran-tany dia manentana ny amin'ny fanoloran-tenan'ireo Fiangonana Mampiroborobo ny Fahasalamana Maneran-tany," tranonkala World Council of Churches, 12 Novambra 2022, https://www.oikoumene.org/news/world-council-of-churches-executive-committee-urges-commitment-to-global-health-promoting-churches.

Tamin'io volana io ihany dia nitsidika an'i Madagasikara ny delegasiona avy amin'ny WCC, nihaona tamin'ireo fiangonana mpikambana ao aminy sy nianatra momba ny trangana mamany lava ao amin'io firenena io. Hitan'ny delegasiona nanao ny fitsidihana ny maha-olana lehibe ity tranga ity, sy ny fahasamihafan'ny fomba fijerin'ireo fiangonana momba izany. Ireo delegasiona dia namaritra lafin-javatra samihafa tokony hojeren'ny WCC mba hanohanana ireo fiangonana mambra ao aminy ahafahany miditra an-tsehatra amin'ny resaka mahakasika ity tranga ity, ary anisan'izany ny famokarana izao tari-dàlana izao.

Ny vehivavy avy amin'ny antokom-pinoana samihafa dia mety ho voan'io tranga io avokoa. Koa ny fifandraisana amin'ny finoana hafa momba ity tranga ity, amin'ny alàlan'ny sehatra fifanakalozan-kevitra ara-pinoana efa misy, dia tena ilaina tokoa mba ahafahana mijery ireo mijaly any ambadika rehetra any.



# IREO ASA AZON'NY FIANGONANA TANTERAHINA

## Ny fisorohana ny mamany lava tsy hitranga

Ny fitaovana lehibe indrindra amin'ny asa atao hiantohana fa ny vehivavy dia tsy hiaina intsony miaraka amin'ny mamany lava dia ny fisorohana azy tsy hitranga. Ireto manaraka ireto ny hetsika sasany izay efa ataon'ny fiangonana ary azon'ny fiangonana amin'ireo firenena ahitana ny tranga eritreretina ihany koa.

- Mila mahafantatra ny momba ny mamany lava ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana mba ahafahan'izy ireo mitarika amin'ny fanentanana, ny ady tao, ary ny fandraisana andraikitra hisorohana izany eo amin'ny fiaraha-monina misy azy ireo.
- Ireo hafatra momba ny olana ara-pahasalamana mifandraika amin'ny fisorohana ny mamany lava dia azo zaraina mandritra ny fotoam-pivavahana, mandritra ny fifanakalozan-kevitra momba ny lohahevitra ara-pahasalamana hafa ohatra.
- Ny fampianarana ara-Baiboly sy fifanakalozan-kevitra izay mifantoka amin'ny fiahian'i Jesoa ny olona marefo indrindra sy ireo voahilikilika, ahafahana mampiditra ity lohahevitra ity, dia afaka ampidirina ao anatin'ny fiainam-piangonana. Misy ireo vakiteny mifandraika amin'izany sy karazana fanontaniana azo ampiasaina amin'ny faran'ity tari-dàlana ity.
- Ny fikambanam-behivavy (federasiona, fiombonana, ary fikambanan'ny reny) dia afaka manentana amin'ny alalan'ny tambajotran'izy ireo, ary miady hoan'ny fanovana ny lalàna izay manome vahana ny fanavakavahana, sady manome sehatra azo antoka ho an'ireo voatery misintaka amin'ny fiaraha-monina ihany koa.
- Ny fiangonana dia afaka mizara hafatra momba ny anjara toerana lehibe

ananan'ny fanabeazana sy ny fanemorana ny taona hanambadiana. Ny ankizivavy izay mijanona amin'ny fianarany mba hanambady dia mety tsy hahafantatra loatra ny maha zava-dehibe ny lafiny ara-tsakafo, ny fiofanana mialoha sy aorian'ny fiterahana, ary ny fiterahana any amin'ny hopitaly. Vehivavy sy tovovavy toy izany dia mety hirona kokoa amin'ny fandehanana mankany mpampiteraka nentim-paharazana kokoa noho ny mpampivelona na ny hopitaly.

- Ny fiangonana dia afaka mandray anjara amin'ny fampiroboroboana ny fampianarana ambaratonga faharoa ho an'ny zazavavy any amin'ireo faritra lavitra. Ankoatran'ny fanomezana fahafahana ho an'ny zazavavy hahazo fahalalana sarobidy momba ny fahasalamana, ny fianarana ambaratonga faharoa dia mety hampihemotra ny fotoana hanambadiany sy ny fitondrany vohoka aloha loatra.
- Afaka mizara hafatra momba ny maha zava-dehibe ny sakafo ara-pahasalamana koa ny fiangonana. Ny tsy fanjarian-tsakafo amin'ny tovovavy dia mety hiteraka tsy fahatomombanana ara-batana rehefa mihalehibe izy ireo, izay mampitombo ny mety hisian'ny trangana fahasarotam-piterahana sy ny mamany lava.
- Ny fiangonana dia afaka miara-miasa amin'ny mpiasan'ny fahasalamana mba hampidirana fampianarana ara-pahasalamana, indrindra momba ny fahasalaman'ny fananahana, ny maha-reny, ary ny sakafo. Azon'izy ireo atao ny manantitrantitra ny maha-zava-dehibe ny fandehanana any amin'ny hopitaly na toeram-pitsaboana hafa rehefa hiteraka fa tsy miteraka any an-trano.
- Ny fiangonana dia afaka mifandray amin'ny hopitaly mba hanome fitaterana na fiara mpamonjy voina ho an'ny vehivavy bevohoka ho any amin'ny hopitaly rehefa tonga ny fotoana hiterahany.
- Ny fiangonana dia afaka mikarakara toeram-pizaham-pahasalamana any amin'ny faritra lavitra mba hanentanana momba ny fahasalaman'ny fananahana sy ny mamany lava. Amin'ny alalan'ny fanentanana no ahafahan'ny fiangonana manampy amin'ny fanafoanana ny angano sy ny hevi-diso momba ny mamany lava, ary manentana ny amin'ny fitsaboana ara-potoana.
- Ny fiangonana dia mijoro hanohitra ny tsy fitovian'ny lahy sy ny vavy, ny fanambadiana aloha loatra sy an-tery, ny herisetra atao amin'ny vehivavy, ary ireo antony hafa izay mahatonga ny vehivavy hatahorana ho voan'ny mamany lava.
- Ny fiangonana dia tokony hijoro miaraka amin'ireo manam-pahefana eo an-toerana sy eo amin'ny firenena mba hitaky ny fanomezana ny tetibola sahaza ho an'ny sehatry ny fahasalamana mba hahazoana antoka fa mahazo ny fikarakarana sahaza azy ny vehivavy.
- Ny fiangonana dia afaka manangona vaovao mahakasika ny mamany lava ao amin'ny firenena misy azy, ary mizara izany amin'ny ireo solontena miady momba izany eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.
- Any amin'ny faritra ahitana tsy fahampian'ny fikarakarana momba ny fiterahana, ny fiangonana dia afaka manohana ireo ezaka samihafa atao hiantohana ny fahatomomban'ny fiterahana, toy ny fiaraha-miasa amin'ny tobim-pahasalamana eo an-toerana mba hanomezana fikarakarana maimaim-poana na misy tohana ara-bola mialoha ny fiterahana, na fitaovam-piterahana. Azon'izy ireo atao ihany koa ny manangana na manohana hopitaly fiterahana izay manome tolotra momba ny fandraisana an-tanana feno, ao anatin'izany ny fiahiana mialoha sy aorian'ny fiterahana.

## Manohana ny vehivavy voan'ny mamany lava

Ny fitsaboana ny mamany lava amin'ny alàlan'ny fandidiana dia andraikitry ny manam-pahaizana momba izany. Na izany aza, any amin'ny firenena maro voakasik'ity tranga ity, ny hopitaly sy ny tobim-pitsaboana dia tantanin'ny fiangonana. Ankoatra ny fitantanana ireo toeram-pitsaboana anefa, ny fiangonana koa dia afaka mandray anjara amin'ireto fomba manaraka ireto:

- Ny fanajana ny fahamendrehan'ireo vehivavy voakasika, ao anaty hatsaram-panahy sy fitiavana no tokony atao voalohany indrindra. Tokony omena toky ny vehivavy sy ny fianakaviany fa azo tsaboina tsara ilay tranga.
- Ny fiangonana dia afaka mitana anjara toerana lehibe amin'ny fanaovana ny "Counseling" noho ny famoizan'ny reny ny zanany, na noho ny fahasembanan'ilay zaza noho ny fahasarotam-piterahana.
- Ny fiangonana dia afaka miara-miasa amin'ireo fikambanana misahana ny resaka mamany lava mba ahazoana vaovao azo antoka, ao anatin'izany ny momba ny sarany sy ny fisian'ny tolotra ara-pitsaboana, ary ny fano-

mezana fanampiana amin'ny alalan'ny antso an-telefaonina ho an'ireo vehivavy voan'ny mamany lava.

- Ny fiangonana dia tokony hanatona ireo bevohoka, sy hamporisika ny fitsidihana ara-pastoraly eo amin'ny vehivavy samy vehivavy, ary hanao fanaraha-maso rehefa misy vehivavy avy niteraka ka lasa tsy hita mipoitra eo anivon'ny fiaraha-monina intsony.
- Ny fiangonana dia tokony handray anjara amin'ny ady hoan'ny fametrahana toeram-pitsaboana sy fitiliana ny mamany lava, ary manaparitaka ny vaovao momba ny fotoana sy ny toerana misy ireo toby ireo, ao anaty fiaraha-miasa amin'ny hopitaly manao fandidiana ny mamany lava.
- Ny fiangonana dia tokony hampivelatra fiaraha-miasa tsara amin'ireo tobim-pahasalamana mba hahafahan'ireo vehivavy voan'ny mamany lava ho voatsabo haingana rehefa hita fa ahitana ny tranga eo aminy.

## Fanampiana ny vehivavy hiverina indray eo anivon'ny tontolo manodidina

Ny fiangonana dia afaka mandray fepetra maromaro hanampiana ireo vehivavy mijaly noho ny mamany lava, na ireo izay sitrana tamin'ny fandidiana natao taminy, mba hiverenany amin'ny fiainany mahazatra:

- Ny fiangonana dia afaka mametraka tahirim-bola, na miara-miasa amin'ireo fikambanana efa misy, mba hanohanana ara-bola ny vehivavy amin'ny fiverenany eo amin'ny fiaraha-monina, ka ahafahany manao izany amim-pahamendrehana sy mba hahaleovany tena.
- Ny fiangonana dia tokony hanome torohevitra sy fanohanana ara-tsaina ary ara-tsosialy ho an'ny fianakavian'ny vehivavy voan'ny mamany lava, anisan'izany ny fitsidihana pastoraly atao amin'ireo vehivavy izay mbola mitsabo tena ao an-trano.
- Ny fiangonana dia tokony hanameloka ny resaka fanavakavahana ara-tsosialy atao amin'ireo vehivavy voan'ny mamany lava, ary manokatra sehatra azo antoka sy manao fampahafantarana momba ny mamany lava, ka hijerena akaiky ny resaka fanilikilihana sy ny ratram-po avy amin'izany.
- Ny fiangonana dia afaka manome tetik'asa ho fidiram-bola ho an'ny vehivavy notsaboina avy tamin'ny mamany lava, izay ao anatin'ny fetran'ny fahafahan'ny vatany anefa.
- Ny fiangonana dia tokony hanohana ireo vehivavy izay nitana andraikitra manokana teo aloha mba hahafahany miverina amin'izany haingana araka ny fotoana heveriny mahamety izany.
- Ny fiangonana dia afaka mamporisika, manohana, ary mampahery ireo vehivavy sitrana tamin'ny mamany lava ka te-hiresaka momba ny zavatra niainany, ary hiady hoan'ny fisorohana ny mamany lava sy hanohana ny vehivavy voan'izany.

# FANONTANIANA AMPIASAINA AMIN'NY DINIKA SY FIANARANA BAIBOLY

**Vakio** ny Genesisy 3, ny tantaran'ny fahalavoan'i Adama sy i Eva.

1. *Tokony ho tsy azo ihodivirana ve ny fanaintainana sy ny ratram-po amin'ny fiterahana ary anisan'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny vehivavy?*
2. *Ahoana no ahafahan'ny fiangonana miresaka ireo fitsipika ara-kolontsaina izay mety hamporisika ny vehivavy "hiaritra" mihoatra noho izay zakany?*

**Vakio** ny Marka 5:24–34, ny tantaran'ilay vehivavy sitrana rehefa nikasika ny fitafian'i Jesoa.

1. *Inona avy ireo fahasarotana mety atrehin'ny vehivavy miaina miaraka amin'ny mamany lava?*
2. *Inona no azon'ny fiangonanao atao mba hamerenana amin'ny laoniny ny hasin'ny vehivavy voan'ny mamany lava?*

**Vakio** ny 1 Mpanjaka 17:10–16, ny tantaran'ilay mpitondratena sy ny zanany lahy izay tratry ny mosary sy tsy nanan-kohanina, kanefa dia natoky an'i Elia ka nanome azy ny mofo farany nananany. Nanomboka tamin'izay ka mandra-pilatsaky ny orana, dia tsy lany ny kobany sy ny diloilo tao anaty siny.



1. *Ahoana no nampiasan'Andriamanitra an'io vehivavy io, izay tao anatin'ny toe-javatra faran'izay mafy indrindra, ary nanome fanantenana ho azy sy ny zanany?*
2. *Ahoana no ahafahantsika manohana ny vehivavy voan'ny mamany lava izay mahatsapa fa tsy misy fanantena ny amin'ny ho avy, ary tsy misy fandraisany anjara eo amin'ny fiaraha-monina?*

**Vakio** ny Salamo 27:1–5. Ny tranon'ny Tompo (ny fiangonana) dia natao ho toerana azo antoka ho an'ny rehetra.

1. *Ahoana no hampihenana ny fanilikilihana ny vehivavy voan'ny mamany lava eo anivon'ny fiangonana, ka manome vahana kosa ny fomba fisainana izay afaka mijery akaiky momba ity tranga saro-pady ity?*
2. *Ahoana no hahatonga ny fiangonanao ho toerana azo antoka sy azo hialokalofana ho an'ny vehivavy voan'ny mamany lava?*

**Vakio** ny Lioka 10:25–37, ny fanoharana momba ilay Samaritana tsara fanahy

1. *Inona no mety antson'Andriamanitra mahakasika ny tokony hataontsika—amin'ny lafiny fomba amam-panao sy lafiny ara-panahy—hisorohana ny mamany lava ary hanampiana ireo mijaly amin'izany?*
2. *Amin'ny maha-fiangonana antsika, ahoana no ahafahantsika manatona ireo vehivavy voan'ny mamany lava mba hahafahantsika mahatakatra ny zava-misy iainan'izy ireo?*

# VAVAKA

**Ireto vavaka manaraka ireto dia vavaka natolotr'ireo mpitarika eo anivon'ny Katolika, sy Ortodoksa ary Protestanta.**

Ry Andriamanitry ny fiainana sy ny fitiavana ary tokinay ô,

amin'izao fibanjinanay ny fiainan'ireo vehivavy miaina miaraka amin'ny mamany lava izao, dia mivavaka izahay mba hiarovanao azy ireny.
Noforoninao araka ny endrikao sy tahaka Anao izy ireny, kanefa dia mivesatra ireo loza, sy fijaliana, ary ny fanaintainana vokatry ny fiterahana.
Enga anie izahay mba hanana fahavononana bebe kokoa, hamaly ny filan'ireo vehivavy rehetra izay handalo fiterahana.
Mivavaka izahay mba hisy ny fanomezana lanja bebe kokoa ny resaka fisorohana ity toe-javatra manimba ity.
Enga anie ka mba hanampy sy hanohana ireo vehivavy sy ny tovovavy voan'ny mamany lava izay fahaiza-manao sy fandraisana an-tanana matihanina rehetra misy eo anivon'ny fiaraha-monina misy anay.
Ary rehefa tonga amin'ny fotoana hiterahany izy ireo, dia ho voahaja hatrany anie fahamendrehany.
Mangataka izany izahay noho ny fanampian'ilay teraka tao an-tranon'omby.

Amena



Ry Tompo Andriamanitray ô, mpitsabo ny fanahinay sy ny vatanay,

jereo ambany fahasoavanao ireo vehivavy rehetra voan'ny mamany lava. Tsidiho amin'ny famindram-ponao sy ny hamoram-ponao; sitrano sy atsangano avy amin'ny tsy fahasalamany izy ireo. Omeo faharetana sy hery izy ao anatin'izao sedra lalovany izao.

Mivavaka izahay, noho ny fitiavanao anay olombelona, mba hitahy sy hanoro ny tanan'ireo mpitsabo izay mikarakara azy ireo. Omeo fahendrena sy fahaizana ary fahaiza-mandanjalanja izy ireo amin'ny fitsaboana ataony.

Tompo ô, omeo fampiononana sy fiadanana ny ankohonana sy ny olona akaiky ireo vehivavy voan'ny mamany lava rehetra, izay vesaran'izany tranga izany ihany koa. Ampaherezo amin'ny finoana sy ny fanantenana, ary omeo ny fahasoavanao izy ireo ahafahany manohana sy mikarakara azy ireny ao anatin'izany fotoan-tsarotra izany.

Mangataka am-panetren-tena izahay mba hivavaka hoanay anie Maria Virjiny, *Theotokos Masina (Renin'Andriamanitra)*, ary ny olo-masina rehetra, ka hampahery ireo vehivavy ireo anie izany sy hitondra fanasitranana ho azy araka ny sitraponao.

Fa Andriamanitra mamindra fo sy be fitiavana Ianao, ka omenay voninahitra, ry Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, ankehitriny sy amin'ny ho avy, ary amin'ny taona rehetra mandrakizay.

Amena

Andriamanitra be fahasoavana ô,

Maro ireo vesatra atrehin'ny vehivavy: eo ny fanavakavahana mifototra amin'ny maha-lahy sy ny maha-vavy, sy ny fanilikilihana eo amin'ireo sehatra mpanapa-kevitra, ary koa ny tsy fahampian'ny fahaleovantena ara-pivelomana mba ahazoany izay ilainy. Rehefa tojo fahasarotam-piterahana izy ireny dia maro ny vehivavy no tsy manana olona hijoro miaraka aminy, tsy misy afaka hiady hoazy, ary vao mainka aza tojo fanavakavahana izy noho ny ratra manjo amin'ny vatany. Voahilika izy ireny, tsy noho izy maloto anefa, fa noho ny toe-pahasalamany izay miteraka famoahana maloto tsy an-kijanona ka mahatonga ny maro tsy hahazo aina manodidina azy.

Ny teninao dia mampiseho ny fangorahanao ireo ao anaty toe-javatra mampalahelo, ho an'ireo mpitondratena sy kamboty - ary ireo voan'ny mamany lava dia mamoy fo toy ny mpitondratena ary nafoy toy ny kamboty. Matetika tokoa izy ireo no atao toa isan'ireo maty mbola velona, miafina sy menatra toy ny boka ara-tsosialy sy ara-batana.

Miantso anao izahay ry *Tompo Mpanasitrana*, mpanasitrana ireo lehilahy boka, ireo vehivavy mitsihidrà, ary ireo zaza marary, mba handray an-tanana ny fiainan'ireo vehivavy sy ny ankizivavy voan'ny mamany lava ka hanasitranana ireo ratrany na ara-batana, na ara-tsosialy, na ara-tsaina. Ry Andriamanitry ny aina, mitomany ireo zanakao vavy, mitady fahasitranana fatratra, toy ireo vehivavy mitsihidrà. Ny ray aman-dreniny dia mitady anao anaty tebiteby mafy, miandry ireo teny sarobidy manao hoe, *'Talita Komỳ'*, mba hahafahan'izy ireo hitsangana indray avy amin'ny lavenon'ny famoizam-po sy ny ratra vokatry ny mamany lava. Ry fitsanganana amin'ny maty sy fiainana, avereno amin'ny vatany tomombana ireo zanakao vavy, ary tariho ho amin'ny fiainana izy ireo amin'ny alalan'ny fandidiana, ny fanafoanana ny fanilikilihana ary ny fiovàna eo amin'ny lalàna.

Ovay ny fonay mba havitrika tokoa hirotsaka an-tsehatra amin'ny fikarakarana sy ny fiarovana ireo zazavavy mba tsy hahatonga ny fitondrana vohoka ho loza mitatao amin'ny fiainany sy ny antom-pivelomany. Ampio izahay mba hibebaka noho ny tsy fandraisanay andraikitra manoloana ny fampanambadiana ny ankizy, ny fanolanana ary ny fisian'ireo zaza tojo tsy fanjarian-tsakafo, satria ireo no tena anisan'ny mitarika amin'ny mamany lava.

Mamindrà fo amin'ny zanakao Jesoa malala. Enga anie ka tsy hitsahatra ny ady ataonay mandrapahatongan'ny fotoana hahafoana ny mamany lava.

Amin'ny anaran'i Jesoa,

Amena.

World Council of Churches

9 782825 418468